Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ny Fampanantenana Nomen'Andriamanitra an'i Abrahama

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus
Alastair Paterson

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Tammy S.

Nadikan'i: Mia Randria

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2022 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Nony ela be tatỳ aorian'ny safo-drano, nanana fikasana ny olona.

"Ndao isika hanangana tanàna lehibe iray manana tilikambo mahatakatra hatrany amin'ny lanitra", hoy izy ireo. "Ndao isika hiara hipetraka foana".
Teny iray ihany no notenin'ny olona
rehetra tamin'izany.

Tian'Andriamanitra hiparitaka manerana an'izao tontolo izao nefa ny olona, ka nanao zavatra hafa kely izy. Tampoka teo, lasa nisy fitambaran'olona maromaro niteny amin'ny fiteny samihafa, fa nomen'Andriamanitra teny vaovao izy ireo.

Lasa nifindra sy niara-monina indray izay olona nitovy fomba fiteny. Angamba lasa natahotra ny olona hafa tsy nifankahazo teny taminy ny olona.

Ary izay no nampisian' Andriamanitra vahoaka samihafa mameno firenena isan-karazany. Babela, midika hoe korontana, no anaran'ilay tanàna nilaozan'izy ireo.

Taona maro tatỳ aoriana, tao amin'ny toerana antsoina hoe Oran'i Kaldeana, niteny tamin'ny lehilahy iray antsoina hoe Abrama Andriamanitra. Nibaiko azy Andriamanitra hoe: "Ialao ny taninao. Mandehana any amin'ny tany ho asehoko anao."



Nihaino ny teniny Abrama. Notarihin'Andriamanitra nankany Kanaana izy. I Saray vadiny, sy i Lota zana-drahalahiny koa niaraka taminy.



Samy lasa nanan-karena i Abrama sy i Lota tao Kanaana. Nanana andian'omby maro be. Ary tsy ampy ho an'ireo biby fiompin'izy ireo ny vilona.

Lasa nifamaly ny mpiandry ombin'i Lota sy ny mpiandry ombin'i Abrama. Hoy i Abrama: "Aleo tsy hisy ady amintsika. Hisara-toerana isika. Lota, safidio izay tany tianao."

Tany lemaka lonaka sady malalaka,
misy tanàna vitsivitsy no nosafidian'i
Lota. Tsara jerena tokoa ilay izy,
saingy feno haratsiam-panahy tao
amin'ireo tanàn-dehibe
tao ireo.

Niteny tamin'i Abrama indray
Andriamanitra nony lasa i
Lota hoe: "Omeko anao sy ny
taranakao ho mandrakizay ny
tany rehetra eto Kanaana."

Abrama sy Saray nefa tsy nanan-janaka. Ka amin'ny fomba ahoana ary no hahatanterahan' Andriamanitra ny fampanantenana nomeny?

Nisy lehilahy telo avy amin'Andriamanitra
tonga nandalo tao amin'i Abrama sy i Saray.

"Tsy ho ela dia hiteraka ianareo", hoy izy ireo. Nihomehy i Saray. Tsy nino ny tenin'Andriamanitra izy. Efa sivy folo taona tsinona izy.

Hoy Andriamanitra tamin'i Abrama
hoe manomboka izao dia Abrahama no iantsoana
azy, ary i Saray ho antsoina hoe Saraha.

Niteny tamin'i Abrahama koa Andriamanitra fa horavany i Sodoma sy Gomora, tanàna roa feno haratsiam-panahy. Tao Sodoma no nipetraka i Lota, zana-drahalahin'i Abrahama, sy ny fianakaviany.

Nino ny fampitandreman'Andriamanitra
i Lota nony nandre izany.
Fa ny vinantolahiny tsy
nety niala tao Sodoma.
Tena nampalahelo!
Tsy nino ny
tenin'Andriamanitra
izy ireo.

I Lota sy ireo zanany roa vavy ihany no avotra. Nandefa afo sy solifara teo amin'ireo tanàna feno haratsiam-panahy ireo Andriamanitra.

Nampalahelo anefa fa tsy
nanaraka ny fampitandremana
nomen'Andriamanitra azy ny vadin'i
Lota ka nitodika tany aoriana.
Ary nivadika ho
vongan-tsira izy.

Nanatanteraka ny toky nomeny an'i Abrahama sy i Saraha Ny Tompo. Niteraka zazalahy tokoa izy ireo na dia efa antitra ary, araka ny tenin'Ny Tompo. Hafaliana tsy nisy ohatr'izany ny azy ireo nony teraka Isahaka!




Mety
nieritreritra
ilay toky
nomen'Andriamanitra
hanome azy sy ny
taranany mandrakizay
ny tany Kanaana
koa
angamba i
Abrahama.

Hanatanteraka
izay fampanantenana
nomeny izay koa
Andriamanitra.
Manatanteraka ny
fampanantenana
omeny foana
Andriamanitra.

Ny Fampanantenana
Nomen'Andriamanitra an'i Abrahama

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 11-21

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava."
Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao,
dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16